


## ALAHADY 3 KAREMY - TAONA D2019



« Indro efa telo taona izay no tonga nitady voa amin'ity aviavy ity aho »

Ry Kristianina havana, raha tamin'ny Alahady lasa teo, alahady faharoa amin'ny karemy dia ny fiovan'ny Tompo tarehy no banjinintsika. Manoro antsika sahady izay miandry antsika vokatry ny

Paka izay fandalovana amin'ny fiainana zarizary, fahafatesana vokatry ny fahotana izay manapotika ny fiainana ka mitondra antsika amin'ny fitsanganan-ko velona miaraka amin'I Jesoa. Miaraka mitsangana Aminy isika ka miditra amin'ny fiainam-baovao, izany no dikan'ny fiovan-tarehy. Sady fankaherezana ho an'ireo mpianatra hamakivaky an'ilay fijalian'I Jesoa no

fanambarana ny fiainana miandry raha miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana isika ka miara-mitsangana aminy amin'ny fiainam-baovao. Niainantsika izany nandritra ny herinandro faharoan'ny karemy iny amin'izao andro fibebahana izao.

Amin'izao Alahady fahateло ny karemy dia ambaran'ireo vakiteny fa tsy ho tanteraka na oviana no oviana izany fiovam-penitra antenaintsika sy andrandraintsika izany ka hahatonga antsika EOV (Eglisy Olona Velona) manorina ETA (Eglisy Tranon'Andriamanitra) ka ho taranaka mpanorina tokoa. raha tsy mibebaka isika. Tsy ho tanteraka ilay Paka andrandraintsika amin'izao taona 2019 izao raha

Vakiteny I : Eks. 3, 1-8a. 13-15

Tononkira : Salamo 102

Vakiteny II : 1 Kôr. 10, 1-6. 10-12

Evanjely : Lk. 13, 1-9

tsy mibebaka isika miala amin'ny fahotana manpotika ny fiaianana hoy ny Papa. Ho Paka hitondra fihavaozana tokoa ho antsika amin'ny fiaianana andavanandro, amin'ny fiaianam-pianakaviana, amin'ny fiainan'ny Eglizy fiombonana, amin'ny Eglizy fototra, Eglizy iraka, amin'izao Paka vaovao ka entintsika hanorenana tontolom-piaianana vaovao hahatonga antsika hanana fivelarana amin'ny tontolo iainantsika sy amin'ny tontolom-pinoana.

Miantso antsika hibebaka ary hiova tokoa ny Eglizy amin'izao Alahady fahatelo izao, dia maniraka antsika tahaka ny nanirahany an'l Moisy, maniraka ny Eglizy, maniraka mpaminany, maniraka antsika tsirairay hanambara ny fibebahana amin'ireo manodidina antsika, tahaka an'i Moisy izay antsoin'Andriamanitra sy nirahiny hanambara ny fibebahana tamin'ny vahoakany sy ny egyptianina. Izany no miandry antsika amin'izao fotoana izao.

“Esory ny kapa amin'ny tongotrao fa tany masina eto” ny tiana ambara amin'izany dia isika hiova, hiala amin'ny fiaianantsika tsizarizary manapotika ny tontolo iainantsika amin'ny alalan'ny fanoroana, amin'ny motro sy tevy ala, tahaka izany koa tsy maintsy esorintsika ny kapantsika amin'ny fiaianantsika ny lainga, ny fitapitaka, ny risoriso sy ny herisetra, ireny famonoana ny tontolom-piaianantsika ka havaozintsi satria tany masina ny fiaianantsika satria ain'Andriamanitra ka tsy azo vonoina na oviana na oviana. Tsy maintsy esorintsika koa ireo vato misakana tsy hahafahantsika mifandray amintsika samy antsika sy amin'Andriamanitra dia ny avonavona, ny fitiavantena, ny falonana. Izao no fotoana tsara hibebahantsika, ny tarehy ratsy tsy azo ovana fa ny fanahy ratsy azo ovana araky ny fiteny nefo amin'izao androntsika izao dia na ny tarehy ratsy azo amboarina ka aoka isika hiova ho tsara fa sanatria ny ho ratsy. Aoka ary ho tahaka ny hafatr'Andriamanitra tamin'l Moisy, esorintsika ny ratsy ka hanaraka azy isika.

Ny zava-misy mitranga amin'ny fiaianantsika no mahatonga antsika hanontany tena, raha famindrampo tokoa Andriamanitra, naninona no nisy izao andro ratsy izao ? maninona no misy ny loza isankarazany ? maninona misy ireny zava-mitranga mihoatra lavitra an'izany famindrampon'Andriamanitra izany ? ny tenin'l Jesoa ao amin'ny evanjely no mananatra antsika fa ireny zavatra mitranga ireny dia ho entin'Andriamanitra hanampy antsika, maro no azo hanazavana ireny fa amin'izao Alahady fahatelon'ny karemy izao ary hafatra nolazain'l Jesoa ao amin'ny evanjely dia mba hanampy antsika hibebaka; “Raha tsy mibebaka ianareo dia ho vey ho tahaka azy koa ianareo rehetra”

Ry Kristianina havana, araraoty izao fotoana izao mba hibebahantsika, handao ny toetra ratsy teo aloha isika ka hanatona ny famindrampon'Andriamanitra, hibebaka ary tsy vitany hibebaka fa hanavao ny fiaianantsika tokoa; Izany ny dikan'ny pelerinajy ataontsika any amin'ny montagne ireny mba hibanjinantsika ny lalan'ny hazo fijaliana, ny ezaka ataontsika miakatra mba hiakatra tokoa ny fiaianantsika fa tsy hirefarefa amin'ny tany. Izany koa no hamafisin'l Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, manamafy fa tsy maintsy handray lesona amin'ny zavatra teo aloha isika mba hanova ny fiaianantsika ho fiaianana misy an'Andriamanitra. Izany no dikan'ny mibebaka, miova ny fiaianana, mampipetraka Andriamanitra eo anivon'ny fianantsika amin'ny alalany sy miaraka aminy ary ao aminy no hanatanterahantsika ny fiaianantsika.

Aoka ary angatahintsika ny fahasooan'Andriamanitra mba hibebaka isika sy hanova antsika tokoa ka hampijoro antsika, tsy hianjera na dia maro aza ny fakam-panahy mila mandrendrika antsika,

aoka ary hihaino ny fampianaran'ny Eglisy isika tahaka nihainoan'ny vahoaka ny fampianaran'I Moizy ary isika haka lesoka amin'ireo zavatra niseho amin'ny fiainantsika mba ho fiainana misy an'Andriamanitra ny fiainantsika araky ny hafatry Md Paoly " nosoratana ny fiainana'ny vahoaka niaraka tamin'I Moizy tany an'efitra ho fampianarana sy fianarana ho antsika.

Ry Jesoa Tompo ô, miroso hatrany ny dia mankany amin'ny Paka, izay fandalovana , miala amin'ny fiainana ratsy teo aloha, miala amin'ny fahotana ka ny fahafatesana no farantampony amin'izany. Ianao nandresy ny rehetra ka raha miara-maty aminao amin'ny fahotana izahay dia hiara-hitsangana aminao amin'ny fiainam-baovao amin'ny Paka. Enga anie hibebaka tokoa izahay, havaozy ny fonay mba ho vaovao ka hahay handray anao. Ataovy mafana fo izahay amin'ny ezaka rehetra ataonay, hiseho amin'ny fiainanay tokoa izany fibebahana izany.

Ry Jesoa Tompo ô, ataovy mahatoky mandrakariva ny famindramponao izahay ka rehefa miaiky heloka, mifona entin'ny fahalemenay sy fahadisoanay dia mba hanana fo vaovao hanampy anay hizotra amin'ny paka izay handradrainay hitondra fiaianam-baovao ho anay ka hahatona izahay ho EOV sy ETA, ho taranaka mpanorina tokoa izahay, mpanorina tontolo iainana, tontolom-piainana izay hanampy anay hiombona fianakaviana olo araiky ao aminao, ho tontolom-pinoana hampiombona anay bebe kokoa aminao hahatonga anay ho vavolombelona eo anivon'izao tontolo izao ka hahatonga anay ho fanasina sy fahazavana, Amen

Mompera Arsevka Benjamin Ramaroson